«Permis Biométrique» fôpla

# Mendrika hosaziana mafy ny tompon'andraikitra 2


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 6 oktobra 2018 Laharana 823 Vidiny : 400 Ar


**Salamo 32: 8** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 04 oktobra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Ravalo N°25 tany Toliara 2

# Kandidà mihaino ny feon'ny vahoaka



Magro Behoririka, kandidà Ravalomanana 3

# Fotoambavaka lehibe rahampitso alahady



**CENI** 2

## Tonga ireo biletà tokana hampiasaina amin'ny 7 novambra



**CFM** 2

## Rafitra mandany vola fotsiny

**Tsiroanomandidy** 6

## Voatafika ny Tranombarotra Soanatao

**Ivolaniray Boriboritany IV** 7

## Mizotra tsara ny fanaovana lalankely sy tetezana

**Daka kely**

Olona efa tsy misy «poids» intsony no manohana an'ialahy ry Boaikely.

**Juslain Raharinaivo** 7

## Tafiditra 10 voalohany aty Afrika amin'ny famoronana



TOLIARA

## Kandidà mihaino ny feon'ny vahoaka Ravalo



Kandidà mihaino ny feon'ny vahoaka ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana, izay raha fehezina ny fandalovan' ity kandidà ity tany Toliara omaly sy afak'omaly. Vao nivoaka ny seranam-piaramanidina izy afak'omaly dia efa maro ireo olona nitsena azy, ankoatr'ireo mpikambana TIM, Tiako i Madagasikara sy ny KMMR na ny Komity Manohana an' i Marc Ravalomanana, nahatratra hatramin'ny 3 km ny halavan'ny filaharana sy ny caravane nanaraka azy hatrany antanànan'ny renivohitry ny faritra Atsimo ndrefana. Toy ny fanaony dia mitafa sy manontany ny olana mivaivay mianjady amin'ny mponina amin' izao fotoana izao ny kandida Marc Ravalomanana. Ny zavatra nangatahin'ny vahoaka taminy dia ny hamahany ireo olana toy ny fahasahiranana sy fahantrana ary ny hanohanana noho ny fahalafosan'ny vary indrindra indrindra. Hita tamin'ny fandalovany tao amin'ny tsena Sakamà sy ny fiantsonan'ny taksibrosy Sanfily ary ny tsenan'i Sakamà fa miandrandra ny fiverenan'ny kandidà Marc Ravalomanana eo amin'ny fitondrana ny vahoakan'i Toliara, izay heverin'izy ireo fa hany tokana hamaha ny olana. Marihana manokana amin'izany ny fanamboarana ny tsena sy ny fiantsonan'ny taksibrosy ary ny làlana no tena anisan'ny hetahetan'ny vahoakan'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana. Nitafa mivantana tamin'ireo mpanjono teny amoron-driaka tany Toliara koa i Dada. Omaly dia nihaona tamin'ny vahoakan'i Toliara tao amin'ny Magro Andaboly izy, feno hipoaka ity kianja ity tamin'izany, noanteriny fa vonona hamaha ny olan'i Toliara sy i Madagasikara manontolo mihitsy i Dada.

***Isambilo***

Fifidianana

## Tsy maintsy hovaina ny tantara amin'ity indray mitoraka

Mitohy ny tantaran'i Madagasikara ; hiatrika fifidianana ny firenena. Tsy zoviana amin'ny Malagasy intsony izany atao hoe fifidianana izany satria efa maro ihany no notanterahana. Raha ny marina, matoa manao fifidianana dia midika ho fikatsahana ny tsaratsara kokoa , fa raha ny tantaran'i Madagasikara kosa dia ny mifanohitra amin'izany no niainana taorian'ny niverenan'ny fahaleovantena. Toa arakaraka ny nanaovana fifidianana mantsy no vao mainka nahitan'ny Malagasy ny haizina. Ny tamin'ny fotoana nahalany ny Kandida Marc Ravalomanana tamin'ny fotoan'androny no niavaka izay nampiainga indray ny risipon'ny Malagasy. Tsy maintsy hovaina ny tantara amin'ity indray mitoraka ity satria ny tsara hatrany no tsy maintsy atao ao antsaina. Sahia manao dingana lehibe hoy ny Kandida Marc Ravalomanana, ka mila manaraka izany avokoa ny mpanohana azy. Leo fahantrana ny Malagasy ka mila olona hitarika azy hiala amin'izany ny rehetra. Fa ny tena tsy azo atao ambanin-javatra dia ny maha olon'ny Finoana ny Kandida Marc Ravalomanana. Tsy maintsy ankinina amin'Andriamanitra ny zava-drehetra ary izay no maha zava-dehibe ny fiarahamiombom-bavaka rahampitso etsy amin'ny Magro Behoririka , fitrotroana am-bavaka ny Kandida Marc Ravalomanana. Olon'ny Finoana ny Malagasy, ka izay no mampiavaka azy, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

Permis Biométrique fôpla

## Mendrika hosaziana mafy ny tompon'andraikitra




Mitaraina daholo ny olona noho ilay permis sy « carte grise biométrique » fôpla. Voalaza fa ny ministry ny atitany teo aloha Mahafaly Solonandrasana Olivier no nanao sonia ny fifanaraham-piaraha-miasa niaraka tamin'ny vondron' orinasa CETIS group, manana ny foiben-toerana any Slovénie niandraikitra ny fanaovana ny « permis sy carte grise biométrique » tamin'ny taona 2015. Orinasa izay malaza fa efa manana traikefa an-jato taona amin'ny fanaovana « solutions d'impression de sécurité et d'impression commerciale ». Nanokatra sampana teto Madagasikara izy dia ny CETIS Madagascar ka ny mpandraharaha Erick Rajaonary no niandraikitra izany. Nilaza ity farany fa efa tsy miandraikitra io orinasa io intsony ankehitriny ary nanazava fa ny CETIS Madagascar dia mpanelanelana sy mpanatanteraka ny asa izay asa nifanarahan'ny CETIS group sy ny Fitondrana malagasy no andraikiny. Ka raha orinasa efa manana traikefa toy izany nahoana no karatra tsy manaraka ny fenitra maha biometrika no namboariny teto ? Momba ity raharaha ity dia nanambara i Mahafaly Solonandrasana Olivier fa efa tamin'ny ministry ny atitany teo alohany, Florent Rakotoarisoa no nanao ny fifanarahana. Inona no tena marina, mila valiny ny rehetra voafitaka, satria mendrika ny hosazana ireo rehetra tompon'andraikitra tamin'izao fitaka be vava izao.

***Ny Valosoa***

Fanohanana kandidà

## Betsaka ireo vonona ny hanamafy ny KMMR

Marobe ireo olona izay nilaza fa dia vonona ny hanamafy ny KMMR na ny Komity Manohana an' i Marc Ravalomanana aty Ambatondrazaka. Misy hatrany araka izany ny fivoriana iarahan'ny rehetra ao amin'ny fidinan-dRatatamo ao Mozambika. Ireo rehetra tonga hatramin'izay dia samy resy lahatra avokoa fa ny laharana faha-25 ao amin'ny biletà tokana ihany no vahaolana hampiharina ny firenena. Nambaran'i Liva Mozambika izay mitarika ny fivoriana sy ny famelabelaran-kevitra isaky ny sabotsy fa tsimialonjafy ny KMMR fa ireo rehetra izay resy lahatra ny hanohana an'i Dada dia raisina an-tanan-droa avokoa. Efa voaparitaka manerana an'Alaotra Mangoro rahateo ny KMMR amin'izao fotoana izao. Fantatra ihany koa fa misy hatrany ny fivoriana ataon'ireo mpanohana an'i Dada izay mitondra ny laharana faha-25 eny anivon'ny kaominina amin'izao fotoana izao. Ny fomba ho entina mandresy lahatra ireo mbola mila izany no tena isan'ny votoatin'ny fivoriana ankoatra ny fifanakalozam-baovao.

***Raoul***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Rafitra mandany vola fotsiny ny CFM

Miezaka mafy ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy na ny CFM manao izao zavatra rehetra izao, fa tsy hita mihitsy aloha izay vokatry ny asa izay ataony. Natao ny fihaonan'ny mpanao politika teny amin'ny CCI Ivato , saika totohondry no niafarany ; nalefa indray ny fanentanana ny kandida mirotsaka Filoham-pirenena hanao sonia ny Satan'ny fitoniana sy ny fahaizana mitondra tena, tsy nahafeno 10 akory ny namaly ny antso. Dia hoy ny maro manao hoe : inona no tena antony mbola ilana ny CFM ? Tsy azo ferana rahateo ny olona amin'ny fanehoankevitra. Raha ny tokony ho izy dia arakaraky ny vola izay laniana no vokatra azo. Tsy izany kosa no fahitan'ny maro ny CFM satria toa mandany vola fotsiny. Raha resaka Fihavanana, tsy hatoro voanjo hadiana amin'izany ny Malagasy. Miainga avy any anaty koa izany Fihavanana izany fa tsy terena na tarihana . Fantatry ny Malagasy ny tokony ho ataony ! Sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

CENI

## Tonga ireo biletà tokana hampiasaina amin'ny 7 novambra

Tonga ireo biletà tokana hampiasaina amin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany hatao eto amintsika ny 7 novambra ho avy izao. Nalaina teny amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena teny Ivato izany biletà tokana izany omaly tolakandro, ampahany voalohany izao tonga izao, biletà tokana anaty fonosana lehibe miisa 835 ireo tonga ireo, hampiasaina amin'ny biraom-pifidianana amin'ny distrika miisa 87 eto amintsika. Ny ambiny kosa dia ho tonga ny alahady ho avy izao ho an'ireo 32 distrika ambiny. Tany Afrika Atsimo no nanamboarana ireto biletà tokana ireto. Raha ny fantatra, miisa hatramin'ny 3 hetsy sy 10 tapitrisa ny biletà tokana hampiasaina amin'ny fifidianana filohampirenena ny 7 novambra ho avy izao io.

***Isambilo***




***Santionana biletà tokana tsy tena izy, nanaovana fanofanana manerana ny Nosy.***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Maro ny tsikera momba ny lisi-pifidianana

Ny lisi-pifidianana no anisan'ny manana ny lanjany indrindra amin'ny fanatanterahana ny fifidianana. Maro ny tsikera momba azy io saingy raha dinihana amin'ny fomba mahitsy dia samy manana ampahan'andraikitra ny tsirairay. Eo aloha ny toetran'ny Malagasy izay tsy taitra raha tsy efa akaiky ny daty. Efa nisy ny fotoana nandalovan'ny lisi-pifidianana tany amin'ny Fokontany, izay nahafahan'ny olona nanamarina ny anarany ao anaty lisitra. Tao no nijery tokoa ny anarany, fa tao koa no tsy dia niraharaha. Tonga ny volana mey izay nifaranan'ny lisi-pifidianana, izay vao maro no nikoropaka. Raha ny lalàna dia io lisi-pifidianana io no ampiasaina amin'ny 7 Novambra, izany hoe rehefa tsy ao anatiny ny anaranao dia tsy afaka mifidy ianao, toy izany koa ny feno 18 taona taorian'ny volana mey. Araka izany, tsy misy ny atao hoe : Révision Spéciale amin'ny lisi-pifidianana. Ny mahagaga tamin'ity fifidianana indray mitoraka ity dia ny tsy fisian'izay fanokafana indray izany lisi-pifidianana izany kanefa ny fifidianana tany aloha rehetra dia 5 andro alohan'ny datim-pifidianana vao mikatona ny lisi-pifidianana. Raha atao izany ny kajy tsotsotra dia misy ny olona izay tsy ho afaka hifidy. Noho izany indrindra no tsy maintsy hanentanana izay afaka mifidy hamita ny adidiny indrindra ny mpanohana ny kandida Marc Ravalomanana, ka hanamboatra dieny izao ny fandaharam-potoana amin'ny 7 Novambra, ka hanao vaindohan-draharaha ny fandehanana mifidy. Izay no marina, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

### MAGRO BEHORIRIKA, KANDIDÀ RAVALOMANANA

# Fotoambavaka lehibe rahampitso alahady



Tsy fahazarana fa tena iainan'ny filoha Marc Ravalomanana ny fametrahany ny fiainany amin' Andriamanitra. Araka izany, hisy ny fiarahamiombom-bavaka lehibe hatao ao amin'ny kianjan'ny Finoana, Magro Behoririka, rahampitso alahady manomboka amin'ny 2 ora tolakandro, ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, sy ho fangataham-pitahiana ny kandida Marc Ravalomanana N°25, amin'izao andro iray mialohan'ny hanaovana fampielezan-kevitra ho amin'ny fifidianana filohampirenena izao. Ny teny ao amin'ny soratra masina ho banjinina amin'izany dia araka ny voasoratra ao amin'ny Josoa 1: 9 " Koa mahereza sy mahatanjaha, aza matahotra na mivadi-po fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao ". Noho izany ho avy marobe isika hanotrona ny kandida filoha Marc Ravalomanana amin'io fotoana io, satria ny vavaka manova zavatra.

***Helisoa***

### Lalam-pirenena faha-44

# Mbola hisy hanao kobaka mafana indray ao anaty fampielezan-kevitra ny hanamboarana azy

Efa hatramin'ny ela no nanaovan'ny olona sasany kobaka am-bava raha ny fanamboarana ny lalam-pirenena faha-44. Ny fitondran-dRavalomanana no nahavita ny avy eo Moramanga hatreo Marovoay, izay vita tara tsara dia tsara tokoa ary mbola tsy nihontsona hatramin'izao na dia efa ela aza no nahavitany. Mba nanao ihany ny tetezamita saingy lalana zara raha vita nentina nandrebirebena saim-bahoaka fotsiny no natao, ka vao nampiasaina tsy ampy toy inona dia efa hita ho niharatsy izany. Ankehitriny efa mihogahoga indray ry mpanao kobaka am-bava fa dia vonona ny hanamboatra izany raha toa ka lany eo. Ny kianja Rasolonjatovo aza hoy ny vahoakan'Alaotra nolazaina fa hatao kianja manara-penitra ary efa nosimbaina mihitsy izay zary lasa nivadika ho zetra ary raha tsy nisy ny firaisankinan'ny mponina nanao tsipaipaika sy asa tanamaro namerenana azy tamin'ny laoniny, tsy vita ka aiza no ahavitan'izy ireo io lalana io. Aza ampiesonina intsony ny olona fa efa mahafantatra tsara ny lalana tokony hizorany indrindra fa ny aty Alaotra. Ny fitondran'ny HVM sy ny tetezamitan-dRajoelina no namohehitra ka nahalatsaka an-katerena ny firenena hoy ny vahoaka, ka aleo izy ireo haka sisiny amin'izay fa ny fiverenana amin'i Dada izao no vahaolana.



***Raoul***

## NY TENY FIAINANA



**Matio 5:3**

*Sambatra ny malahelo am-panahy; fa azy ny fanjakan'ny lanitra.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tsy misy mpihaino intsony Lalatiana Rakotondrazafy amin'ny fanaratsiana an'i Dada



**Arp Helisoa :** efa 10 taona io no efa nanaratsy an'i Dada fa tsy misy mpihaino o! i Lalatiana Rakotondrazafy io.

**Hantamalala Razanatsara :** manafina ny loto ve, satria niaraka t@ bois de rose,wisco, force2, fanodikodinana isan-karazany. Mpanenjika ny Président Marc Ravalomanana toujours afara drako oh!

**Toutou Mie :** Inon moa zay izy. mivarotra io vava ngeza be io no hainy. Tsy mampihontsona an'i Dada ny fanaratsiany vao mainka mampitombo ny lazany.

**Rdr Samson Rapa :** fa tsy tadidiny ve lay nilatsaka ben'ny tanàna fa tsy lany. Mitonantonana mitsiny io Lalatiana Rakotondrazafy.

**Ninà Rabetsialison :** vao mainka mampalaza an'i Dada ny fanaratsiana atao azy.

**Laingo Ralijaona :** izany no mampivonto ny molony otran'io, noho ny fanaratsiana olona.

**Ninà Rabetsialison :** EFA OE ARAKARATAREHY VOAJAVATRA ZAO TAREHINY IZAO TSY AFAKA ILAZA ZAVATRA TSARA @ VAVANY ZANY. IO OTRAN'IO MOLOTRA BE AN'IO IANY KO NY TOETRANY SY NY SAINA DE AOKA ISIKA TSY HO GAGA. RAHA TSY ZANY VE LASAN'NY OLONA NY JOKER-NY E!

**Geneviève Razanavalona :** na inona fanaratsiana ataon'i Lalatiana Rakotondrazafy sy ny foroongony, 1er tour io dia vitan'ny Filoha Marc Ravalomanana.

**Haingotiana Raobihanitra :** fa angaha nareo mbola mandany andro mihaino an'io e, efa tsy mila henoina intsony ireny, efa misy MBS, Top Radio, Radio Vakiniadiana, sns…

**Emilienne Razanabololona :** ny olona rehefa be molotra de mitovy hihihi !! de tsy mahalala menatra.

## TONONKALO

# Ilay komitim-pampihavanana

Hatreto aloha dia tsy mahomby ilay komitim-pampihavanana.
(Toy ny hoe vilian-tsahona ka malaza tsy hihinanana.)
Mampametraka baraingo ny amin`ny asa hosahaniny.
Iza marina no miady, iza ireo hoe hampihavaniny ?

Hatreto aloha dia tsy mahomby ilay komitim-pampihavanana,
Fa dia toy ny tsangambato bory tongotra aman-tanana.
Sady tsy afaka hamindra no tsy afaka hizara,
Ka mandany vola fotsiny raha lazaina sy ambara.

Te hihetsika kanefa tsy ao ny fahaleovantena.
(Misy trosa mbola efaina mba ho tambim-panendrena ?)
Azo ambara ho tsy nahomby izay rehetra rindran-daminy,
Ka ny marina dia izao : tsy misy intsony andrasana aminy.

Tena ho very hasina izy aorian`ny fifidianana,
Fa komity tsy hahalamina ny ady sy fifanolanana.
Dindon`ny tsy fahombiazan`ireo tsisy kalitao,
Izay nanoratra ny tenany fa hoe "hery vaovao".

… Ka tsy komity toy izany no ilaina mbola hotanana,
Hiandrandràna filaminana ary indrindra fiadanana,
Fa komitin`olon-kendry tena miaina anaty vavaka,
Tsisy loko politika, vao mijoro dia miavaka !

***DADAN`I ZINA (05-10-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana tany Toliara.










Ny fanalàna ny fako tao amin'ny Boriborintany faha-6.










## Salamo 32: 8

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 04 oktobra 2018

***Salamo 32: 8 "Hanome saina anao sy hampianatra anao izay lalan-kalehanao AHO JEHOVAH. Hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao AHO"***

Hitanareo amin'izany fa tsy avelako handeha amin'ny sitraponareo sy ny sainareo izany hianareo olombelona satria miandry anareo ny helo raha vao diso hevitra ianareo. Izany indrindra no mahatery AHY manambara zava-miafina aminareo ka mba inoy ihany. Tsy olombelona toa anareo no miteny sy mampianatra anareo fa IZAHO JEHOVAH mivantana fa FOMBAKO izany, HERIKO izany ary FITIAVAKO izany. Averiko foana, izay ampanoratiko dia fitaovana ampiasaiko ho anareo mba handraisanareo fanapahan-kevitra hiverina AMIKO JEHOVAH, hanaiky an'i JESOSY ho MPANJAKANAREO. Maika mihitsy AHO ny amin'ity atao hoe "BATISA" ity. Miankina amin'io ny FIAINANAREO mandrakizay sy ny FIAINANAREO an-tany raha mbola miaina sy velona ianareo. Fa i JAONA nandà an'i JESOSY ka tsy nanaiky ny hanao BATISA AZY, ka hoy JESOSY namaly an'i JAONA : ekeo ihany ankehitriny ry JAONA fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. Ny antony naneken'i JESOSY fa atao BATISA IZY na dia Zanako nalefa hamonjy anareo amin'ny fahotana aza, IZY anefa tsy mpanota velively fa mba ho MODELY HARAHINAREO izay ataony. I JAONA dia 30 taona no nanomboka nanao ny asany, i JESOSY 33 taona nanohy ny asan'i JAONA.

**Misy 5 ny dingan'ny BATISA ka tokony tsy misy ajanona na dinganina:**

**Batisan'ny Fibebahana**

**Batisan'ny Famelan-keloka**

**Batisan'ny Rano**

**Batisan'ny Fanahy Masina**

**Batisan'ny Afo**

Ireo ilay dingana dimy. Tsy misy tokony hatao antsirambina ireo na iray aza raha tena mba mahaliana anareo tokoa ny atao hoe FAMONJENA.

Ny Batisan'ny Fibebahana, atao hoe Batisa ny " **FIBEBAHANA**" satria misy lanjany sy hasiny lehibe toy izany izy dimy ireo. Ny FIBEBAHANA no antoky ny fandrosoana amin'ny dingana manaraka. Tsy afaka tonga dia mandingana amin'izay tiana hatao fa tsy maintsy arahina ireo. **TSY MISY MIHITSY OLONA TONGA DIA ATAO BATISAN'NY RANO RAHA TSY MIBEBAKA ALOHA IZY.** Hoy i JAONA, ***Matio 3: 6*** : ***ka nataony Batisa tao amin'ny onin'i Jordana ireny rehefa niaiky ny fahotany.***

N'iza n'iza olombelona noforoniko ka tehovonjena amin'ny andro farany, te hiala amin'ny fahotana, tsy ho voagejan'izao fiainana izao, mahatsiaro mijaly, ory, malahelo, voahilika, tsy mahita vahaolana amin'ny fiainana toa olon-dresy, olondoza, itoeran'ny faharatsiana rehetra, ataon'i losifera fitaovana amin'ny asa ratsiny, aza hadino fa ny faharatsiana rehetra dia avy aminy ary n'iza n'iza tratrany dia tsy afa-miala izany raha tsy ampiana. Manao ahoana moa ny olona iray raha mifatotra? Toy izany ny mpanota sy mpanao meloka, ny FIBEBAHANA IRERY IHANY no MAMAHA NY FATORANA IZAY VAO AFAKA. Ny antom-pisian'i JESOSY eo aminareo dia : hoy ny anjely, ***Matio 1: 20-21*** : Ry Josefa zanak'i Davida aza matahotra hampakatra an'i Maria ho vadinao, fa ny zaza ao an-kibony dia avy amin'ny FANAHY MASINA. Ka hiteraka zazalahy izy ka ny anarany dia hataonao hoe : JESOSY fa IZY no hamonjy ny olona rehetra ho afaka amin'ny fahotany. JESOSY = MPAMONJY, MPANJAKA, MPANAFAKA, MPANASITRANA, MPAMELA HELOKA, MPAMINDRA FO, IMANOELA, TOMPON'NY FANAPAHANA sy ny FANJAKANA, MAHAGAGA, MPANOLO-TSAINA, RAIN'NY MANDRAKIZAY, MPITONDRA FIADANANA sy FITSAHARANA ho tonga amin'ny rariny sy ny hitsiny. Manomboka eo ny hampitoerana ny seza fiandrianana tsy hanam-pahataperana mandrakizay. Izany ILAY JESOSY ambara aminareo mandrakariva. Raha hibebaka ianareo satria maro ary tena betsaka ny fahotana sy helokareo, mivonona hihaona amin'i JESOSY fa IZY irery dia tena IZY irery ihany no nomeko JEHOVAH anareo hihaino ny FIBEBAHANAREO, ***Matio 6: 6***. Toy izao ny fibebahanao raha tena vonona ianao : mitokàna ao amin'ny efitranonao hifanatrika amin'i JESOSY. IZY no ilazanao ny faharatsianao araky ny Matio 1: 21 voalaza teo. Aza misy afenina ny faharatsiana rehetra, ny hadalana vita, ny saina ratsy rehetra izay nataonao irery tao amin'ny mangingina. Toy izany koa ny heloka, mihoatra ny olona roa no voakasika dia efa mpanao meloka. Izao an! Tsy hoe tsy fantatr'i JESOSY akory ny nataonareo fa mba tiany mihitsy ianareo hilaza ny marina ary tsy misy afenina izay vita. Fiaraha-miasa izany, IZY koa te-hihaino anao mitsotra toy ny zaza, ***Ohabolana 28: 13***: Izay manafina ny fahotany tsy hambinina fa izay mitsotra sy mahafoy izany no mahazo famindram-po. Raha hiresaka amin'i JESOSY ianareo tsory AMINY ny heloka sy fahotana fa hamindrany fo ianareo ary IZY irery ihany no afaka hamela ny helokareo. MAMPIDIDOZA NY FANAFENAN-KELOKA. Ataovy, miandry IZY, maika hatao Batisa ianao. Raha tena mahafoy fahotana ianao dia hanenina amin-dranomaso ianao ka hampahafantarin'ny Fanahy Masina anao ny faharatsianao ka ho torotoro ny fonao, hampahatsiaihivin'ny Fanahy Masina avokoa ny teny foana sy ny teny ratsy rehetra niloaka ny vavanao, izay noraisin'ny tananao, izay nodiavin'ny tongotrao, izay nampidirinao ny vava kanefa hita fa ratsy toy ny sigara, ny paraky, ny rongony sns..., ny fanekenao hitoeran'ny fanahy ratsy, aza hadino izay rehetra ataon'ny vatana : fijangajangana sy fanompoan-tsampy isan-karazany, betsaka e! Antsoy ny Fanahy Masina. Toy izao no hataonao, vonony tsara ny saina, fo fanahy, vatana, tsy ratsy ny fiankohofana fa tena ataovy izany izay midika hoe : ratsy ianao, tsinontsinona eo anatrehako ka mibaboka eo anatrehako fa ratsy. Aoka ny handrinao mihitsy no hitehika amin'ny tany ary ny felatananao sy ny lohalikao koa. Izay no atao koe MIANKOHOKA AMIKO JEHOVAH, ***Apokalypsy 14: 7***: matahora AHY JEHOVAH ka omeo voninahitra AHO fa tonga ny andro fitsarako. Miankohofa eo anoloako Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano, indrindra ianareo olombelona.

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## CUA sy Masoivoho Britanika

# Miara-miasa amin'ny fampahafantarana ny fianarana sy vatsim-pianarana any Angletera

Miara- miasa feno amin'ny ambasadaoron'i Grande Bretagne ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), eo amin'ny sehatry ny fampianarana. Nampahafantarina fa misokatra izao ny vatsim-pianarana ho an'ireo tanora sy ireo izay maniry ny hianatra any Angletera, nisy ny fampahafantarana izany afak' omaly tetsy amin'ny lapa'ny tanàna Analakely, narahina famelabelaran-kevitra sy fanontaniana nanomezam-baliny ireo tanora liana amin'izany fianarana any Grande Bretagne izany, sady mety hahazoana ny vatsim-pianarana Chevening Scholarship.



*Ireo anisan'ny nanazava ny fianarana sy ny vatsim-pianarana any Angletera.*

Tanjon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra ny fisokafana amin'ny tanora sy ny fiaraha-miasa ho fampiroboroboana ny fanabeazana, ka ny teny amin'ny Anjerimanotolo no nahazo ny anjarany tamin'izao fanazavana sy fampahafantarana izao, anisan'ny nitarika ny fanazava tamin'izany ny talen'ny seraseran'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Raharivelo Tiana Harilaza.

***Aly***

## Avaratanàna Ambatolampy

# Niara-nisalahy tamin'ny fanesorana fako misavovona ny Boriboritany VI

Mitohy ny asa fanadiovana sy fanesorana ny fako eto amin'ny tanànan'Antananarivo renivohitra (CUA). Raha ho an'ny boriborintany faha-6 manokana dia nesorina ny fako nisavovona teny amin'ny bakan-jaoridira amin'ny fokontany Avaratanana Ambatolampy Ambohidroa, izay niarahana niasa tamin' ny SAMVA, ny CUA, ny minisiteran'ny rano ary ny fokontany teny antoerana. Isaorana ny rehetra nahafahana nanao ny fanadiovana hoy ny delegen'ny boriborintany faha 6 Fehizoro Andriamanajezika satria nisavovona loatra ny fako. Ankoatra izay, ny BMH eny Isotry koa dia hiditra an-tsehatra hanadio ny tanàna sy hitifitra ranompanafody ireo toerana saropady amin'ny fahasalamàna araka ny toromariky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Koa manentana ny mpo-



*Fanalana fako nivangongo tamin'ny fanariam-pako tao amin'ny Boriboritany faha-6.*

nina izahay hoy ny delege Fehizoro Andriamanjezika mba hanaja ny fotoana fanariampako, izay hatramin'ny 6 maraina ihany. Izay manary fako amin'ny antoandro hoy izy dia hihàran'ny sazy. Ny depiote voafidy tao amin'ny boriborintany faha 6, Horace Rasoanoromalala indray dia nisaotra ny ben'ny Tanàna, Lalao Ravalomanana, tamin'ny fitsinjovany ny vahoaka eny ifotony rehefa nijery teny an-toerana ny fanesorana ny fako. Ka na tsy andraikitry ny kaominina Antananarivo renivohitra aza ny manala ny fako dia niditra an-tsehatra nanala izany izy ireo mba ho tombontsoan'ny be sy ny maro. Teninay vahoaka ety ifotony hoy ity solombavambahoaka ity ny hiverenan' ny Kaominina hitantana ny SAMVA.

***Helisoa***

## Boriboritany I (CUA)

# Vao mangiran-dratsy dia efa nanadio teny Analakely sy ny manodidina

Raha araka ny vinan'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana ny hoe «Antananarivo madio » dia tsy mitsahatra ny manadio Tanàna ny Kaominina Antananarivo Renivohitra amin'izao fotoana izao. Raha ny andron'ny afak'omaly vao mangiran-dratsy dia ny teny amin'ny faritra Analakely indray no nanaovana izany asa izany. Niara-nientana teny antoerana ireo ekipan'ny Boriboritany Voalohany, nanampy azy ireo tamin'ny fanasana ny làlana kosa ireo sampana Mpamonjy Voina avy etsy Tsaralalàna ary nandamina ny fifamoivoizana ny Polisy Monisipaly. Anisan'ny toerana be olona mifamezivezy eny amin'ity lalana ity ary azo lazaina fa anisan'ny maloto ihany koa, ka izay indrindra no antony nanatanterahana izao asa goavana izao. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia tsy mitsahatra ny manentana ny mponina tsirairay mba samy hitandro izany fahadiovana izany, satria ny tanàna madio dia lavitry ny aretina araka ny fanazavana nataon'ny tompon'andraikitra teknika ao amin'ny Boriboritany voalohany Maminiaina Rakotonirina.

***Aly***

TSIROANOMANDIDY

## Voatafika ny Tranombarotra Soanatao

Vola 6 Tapitrisa ariary no lasan'ilay jiolahy , naratra mafy kosa ilay tovovavikely. Ny talata hariva tokony ho tamin'ny enina ora hariva no nisy namaky ny Tranobarotra "Soanatao" izay masoivohon'ny Canal +, sy kiôska Mvola koa, ao Tsiroanomandidy renivohitry ny faritra Bongolava. Rehefa nirava avokoa ny mpiasa ary nivoaka ny olon-dehibe tao an-trano no nanararaotra namaky izany ny olon-dratsy, avy eny amin'ny tafo ao aorian'ny trano no nahafahan'ity olon-dratsy niditra ny fivarotana, izay tsy iza akory fa anadahin'ilay ramatoa tompon'ny fivarotana ihany ary efa niasa tao, ka noroahina noho ny halatra nataony tao amin'ity tranombarotra ity ihany. Fitaovana maranitra toy ny antsy no nampiasainy nandrahonana ny olona tao antrano, izay anabaviny ihany, notsatohany tamin'ny antsy ity ankizy ity ka tsy afa-nikofoka, noraofiny avokoa ireo vola tao am-pivarotana, avy eo nitsoaka ranamana. Nisy nahita ny fitsoahany teny ambony tafo saingy tsy nisy nanampo. Eo am-panaovana ny fanadihadihana ny Polisy , ny tarehin'ilay mpangalatra efa fantatra mazava teo amin'ny camera de surveillance tao an-trano, ilay maratra kosa nahazo fitsaboana ao amin'ny hopitaly Tsiroanomandidy.



*Teo amin'io tafo io no niditra ilay mpangalatra.*

***Serge***

Polisy Monisipaly Ambatondrazaka

## Hentitra ny fampiharana ny lalàna ho an'ireo mandika izany

Taorian'ny fampianarana ny vahoaka mba tsy hivarotra any anaty lalana, sy ny toromarika nomena azy ireny amin'ny toerana izay azony ivarotana dia miditra amin' ny fampiharana ny lalàna ny Polisy Monisipaly eto Ambatondrazaka amin'izao fotoana izao. Mitombo isa andro aman'alina ny isan'ny mpivarotra amoron-dalana izay miteraka fisavoritahana ao an-tsenan' Ambatondrazaka ary mahatonga ny olana eo amin'ny fifamoivoizana. Nisy mihitsy araka izany ny fandraofana ny entan' ireo izay nihoa-pefy, ka isan'ny lasibatra tamin' izany ny tao amin'ny tsenan'akoho amam-borona sy ny fivarotana trondro. Fantatra fa efa manana toerana manokana ahafahana mivarotra ireo entana ireo ny mpivarotra izany saingy misy hatrany ireo minia mivoaka ny fefy hoy ireo tompon'andraikitry ny tsena sy ireo mpitandro filaminana avy amin'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra. Tsy maintsy nirosoana ny fandraofana ny entana mba ho anatra ho an'ny rehetra. Betsaka no nahatsikaritra fa vao nampihatra ny lalàna ny Polisy Monisipaly dia nanomboka niverina tamin'ny laoniny ny fifamoivoizana. Manentana ny rehetra hatrany araka izany ireto mpitandro filaminana avy ao amin'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra ireto mba samy hanara-dalàna satria izay ihany no antoka hisian'ny firindran'ny fihariana ao amin'io tsenan'Ambatondrazaka io.

***Raoul***

Fort Dauphin

## Kapiteny Faneva niseho ho mahavita azy

Nanao arôzazy fety tamin'ny niakarany grady komandà ny Kapiteny Faneva. Ny alakamisy teo no nanatontosana izany, tao amin'ny Kianja fanaovam-baolina Ampasamasay no natao ny lanonana.Ireo jado no nameno ny kianja. I Fort Dauphin, tsy rototra fa nitazam-potsiny ny hetsika nataon'ireo daholo niova ireto. Noporofoin' i Kapiteny Faneva fa mbola voafehiny ireo daholo niova fo ireo. Jado avy amin'ireo kaomina vitsy avy ao Amboasary Atsimo sy Fort Dauphin. Arôzazin'i Kapiteny Faneva niakatra grady ho komandà no natao. Antony iray namondronana ireo jado avy amin'ireo kaomina vitsivitsy tao Fort Dauphin. Kapiteny Faneva, izy no commandant de compagnie- ny Zandary ao Fort Dauphin sy Amboasary Atsimo. Samy nidera ny ezaka vitan'ity kapiteny ity ireo izay nandahateny. Nasaina manokana ireo jado. Nisy ny vonoan'omby natao ho sakafo mitam-pihavanana. Amin'ny mahafety ny fety, nisy ny alim-pandihizana niarahana tamin'i Black Nadia sy Dadah de Fort Dauphin tao amin'ny lapan' ny tanàna. Fa mipetraka ny fanontaniana hoe: tena tsy hanelingelina ny fiaraha-miasa intsony ve ireto lazaina fa malaso niova fo ireto, rehefa miasa any an-toeran-kafa ity kapiteny Faneva ity.



*Ny lanonana nataon'i Kapiteny Faneva tao amin'ny kianjan'i Faradofay.*

***Mangarahara***

## SARIITATRA: Dada N°25 no vaha-olana amin'ny tsy fandriampahalemana




Andranomanelatra

## Nahazo toerana famonoana omby sy kisoa

Sambany eo amin'ny tantaran'ny kaominina Andranomanelatra no nahazo « tuerie » na famonoana ny biby toy ny kisoa sy ny omby manaraka ny fenitry ny fahasalamana sy ny lafiny teknika. Eo amin'ny tanan'ny Bemasoandro ao amin'ny Fokontany bemololo Andranomanelatra no misy ity fotodrafitrasa ity. Maro ireo fotodrafitrasa vitan'ny Ben'ny tanana tao Andranomanelatra raha tsy hilaza afa-tsy ny « barrrages » ao Menadia sy ny tao Trafon'omby dia izao indray mahazo toerana famonoana bisy izao. Efa tafapetraka eto miaraka amin'ity fotodrafitrasa ity ny lava-drano hiatohana ny fidiovana, ireo dia avy amin'ny fitodram-panjakana, eto ankilany kosa ny birao hiasan'ny zandary sy ireo mpitsara Commune. Ny toerana nananganana ny fotodrafitrasa dia avy amin'ny malala-tanana Rakotondrafara Gilbert. Velom-pisaorana noho izany fitiavana manokana izany ny ben'ny tanana Rasolofondramaria Renaud Emile Dit Baina ka nanome mari-pankasitrahana an'Atoa Gilbert. Ny Ben'ny tanana teto dia nanamafy ny fangatahany panneau solaire ho an'ity fotodrafitrasa vaovao ity. Ny fipetrahan'izao fotodrafitrasa izao dia fijerena manokana ny fahasalaman'ny vahoaka satria hena voatsara sy mamaly ny kalitaon'ny fahasalamana no mivoaka eto, ankoatrizany manatsara ny fidiram-bolan'ny commune. Tonga nanome voninahitra ny fotoana teto ny tale avy ao amin'ny Ministeran'ny fambolena sy ny Fiompiana, ny prefet avy eto Antsirabe ary ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra.

***Lezama***

Fort Dauphin

## Mbola miverina migrevy ireo tambanivolo mitonona fa tompon-tany

Saika isan'andro dia miverina mitokona ao amin'ny 4 chemins ireo tambanivolo mihevitra fa manantany ao Ehoala any Faradofay. Samy namaritra tany izay tiany ny mponina. Saika isan' andro dia mifamotoana eny Ehoala toerana misy ny tany izy ireo. Mifandramatra ny mponina. Maro no efa nahazo ny mpamarotra , manao bizina tany. Tsy levon'ny vavonin'ny mpitondra ao Fort Dauphin anefa izany, voatery naka mpitandro filaminana handamina korontana ny tomponandraikitra. Hatramin' izao, mbola mitady ny vidin'ny taniny ireo mponina. Ity toerana ity, ampahany amin'ny 410 ha hametraahana ny ZES (Zone Economique Spéciale).

***Mangarahara***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao : biométrique: tena aza mifanamerda sy manome devoly kosa fa mihoatra ny mety izao ataonareo izao. Izahay dia tsy nahalala, tsy mahalala ary tsy hahalala izay fifanarahana natao sy izay mbola ho ataonareo any, TSY TE-HAHALALA IZAHAY no tena marina.

Ny fantatray «MPANJIFA» (araka ny vocabulaire efa fiantsoanareo anay) dia noterena tsotr'izao izahay, nilahatra nandàny ny andronay teny aminareo teny nandritra ny fotoana ela dia ela ary nandoa volabe noho ny sitraponareo...

Nahoana no androany 3 oktobra 2018 izahay vao lazainareo amim-pomba ôfisialy fa "TSY TENA BIOMETRIQUE é, TSY MANARAKA FENITRA IRAISAM-PIRENENA éé" iny nandoavanay vola, niaretanay tory, nandanianay andro, nana-merda anay iny? Tamin'ny fotoanandrony anefa dia ny MIFANOHITRA TANTERAKA AMIN'IZANY NO NOLAZAINAREO. Taty aoriana, raha mba nanaitra tety aza izahay, dia mbola vitanareo ny namaly fa tena izy iny, tena raitra tanteraka. Izao indray dia mbola antsoinareo any izahay hanolo ny efa aty an-tananay, na misy vola aloa io na tsisy??? Hiverina hilahatra indray izany izahay, ndeha handany andro any indray? SSCCHIIII ... AOKA HO FANTATRAREO FA TSY SITRAPONAY MPANJIFA IZANY, ADALANAREO NY NIARA-NIASA TAMINA PRESTATAIRE DÉFAILLANT ANY KOA AOKA HIFANAJA ...

Aiza koh no hisy permis sy carte grise solosoloina lava isak'izay mahatsiaro 'ty? Koh raha tsy nàndra daholo ny olonaa .... Raha hendry ianareo dia homboy izay tomponandraikitra rehetra nahatonga an'izany f'aza manome lagy kosa e!

***Mandroso Randria***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**29/09/18 hatramin'ny 06/10/18**

**- ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34

**- TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17

**- MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85

**- MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78

**- ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/ 032 24 705 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 823-10-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**TSENAN'ANOSIBE**

# Miara-miasa amin'ny fanadiovana ny CUA sy ny mpivarotra

Mifanome tanana ny kaominina Antananarivo renivohitra sy ireo fikambanan 'ny Mpivarotra ao amin'ny tsenan'Anosibe amin'ny fanadiovana ny tsena, mba hananana tsena madio sy mendrika ary lavitry ny aretina. Mpanadio tsena miisa 36 no manatanteraka ny fanadiovana isan'andro izay mizara telo mazava tsara ny fotoana anaovan'izy ireo izany asa izany dia ny maraina, ny antoandro ary ny hariva. Tsipaipaikan'ireo mpivarotra ihany no hanakaramana ireo mpanadio hoy ny filohan'ny delegen'ny mpivarotra Raharison Jean de Dieu. Hetahetan'ireo fikambanan'ny mpivarotra ao Anosibe ny hanasiana fanatsarana ny saron'ny lakandrano ao amin'ny tsena, izay efa maro no simba ka mila fanoloana.

***Aly***

Juslain Raharinaivo

# Tafiditra 10 voalohany aty Afrika amin'ny famoronana sy fikarohana

Tafiditra amin'ny dingan'ny famaranan'ny fifaninanana karakarain'ny Africa Innovation Foudation, i Juslain Raharinaivo, injeniera momba ny fambolena ary mpikaroka amin'izany sehatra izany. Anisan'ireo 10 hiatrika ny famaranana any Kigali renivohitr'i Rwanda izy, amin'izay sehatry ny famoronana na innovation izay. Fampitomboana ny voka-bary amin'ny alalan'ny fampiasa ketsa amin'ny antsoina hoe germoir biodegradable no zava-bitany ary efa nosedraina tamin'ny faritra maro teto amin'ny Nosy, ahazoana voka-bary hatramin'ny 10 taonina isaky ny hekitara, mihena koa ny vola lanin'ny tantsaha amin'ny fampiasana izany teknikam-pambolembary izany. Loka hatramin'ny 100 000 dolara amerikana no ho azon'ny voalohany amin'ity fifaninanana ity, saingy hahazo loka avokoa ireo mpikaroka aty Afrika 10 tafakatra amin'izao dingan'ny famaranana izao, anisan'izany ny solontenantsika Juslain Raharinaivo. Efa an-taonany maro no nikarakara izao fifaninanana izao ny Africa Innovation Foudation, saingy izao vao tafakatra amin'izany dingan'ny famaranana izany i Madagasikara, ka zava-dehibe ho antsika tokoa izao ezaka sy zava-bitan'i Juslain Raharinaivo izao.



***Juslain Raharinaivo, mpikaroka Malagasy eo amin'ny sehatry ny fambolem-bary.***

***Aly***

Ivolaniray Boriboritany IV

# Mizotra tsara ny fanaovana lalankely sy tetezana

Nidina ifotony nijery ny fivoaran'ny asa, « tetik'asa fanamboarana lalan-kely » ny delegen'ny boriboritany faha efatra, Ramahandrimanana Solofoniaina Daniel omaly maraina. Nanotrona azy tany avokoa ireo ekipa mandrafitra ny boriboritany faha efatra sy ireo mpiara-miasa teo anivon'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra (CUA). Izao tetik'asa izao dia iarahan'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra CUA sy ny CDA (Conseil de Développement d'Andohatapenaka), ary ny fokontany Ivolaniray. Araka izany, dia ovaina ho « beton » ny tetezana lalankazo. Ny lalan-kely izay hatao dia mirefy 244.50m, ka ny 180m amin'izany no efa vita hatreto. Marihina fa maharitra 2 volana ny fanatanterahana ny asa. Nandray anjara feno tamin'ny fanatontosana ny asa ny ao anivon'ny CUA, indrindra fa ny boriboritany faha efatra. Ity farany dia nanome fitaovana entina hanatanterahana izany, ary ihany koa sakafo ho an'ireo mpiasa miisa 20 izay avy amin'ny CUA ihany (DTP), mandritra ny 2 volana. Nitondra ny anjara birikiny ihany koa ny CDA sy ny mponina eny amin'ny fokontany Ivolaniray, ary ireo mpiaramiombon'antoka « Ile des enfants » izay eo an-toerana ihany. Mahazo tombony avokoa ny mponina manodidina satria manala ny fahasahiranan'izy ireo ny fahavitan'ny fotodrafitr'asa toy izao. Raha ny fantatra dia mampitohy fokontany telo io lalankely amboarina io. Mampitohy ny fokontany Anosibe andrefana faharoa sy ny fokontany Ampangabe Anjanakinifolo ary ny fokontany Andavamamba Ambilanibe.




***Tetezana andalam-panamboarana ao amin'ny Fokontany Ivolaniray.***

***Aly***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 254**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady


## Valiny Teny Tondro (0253)

***Mitsivalana***
- Mpanao
- Roa (Miv) – Rova
- Iry – Ol
- Nialoha
- Atrika
- Risoris(o)
- Bà – Atody (Miv)

***Mitsangana***
- Maina
- Poritra
- Ariary
- Lisy
- Dokotra (Miv)
- OO – Haro
- Voa – Ti (Miv)
- Hay – Osa

## TENY MIFANAPAKA

**N° 254**




**Mitsivalana**

**1.** Fananganana **2.** Iry, tia – Andro maizina **3.** Fito andro **4.** Ala, esotra – Betsaka (Miv) **5.** Foto-tsakafo **6.** Fiderana amin'ny fanomezana (BL) 7. Kianteny – Marina – Tapitra (Miv) **8.** Feo miverina – Nodimandry **9.** Faran-teny – Vazon-kira samihafa (Miv) – Ohatra **10.** Asitrikay

**Mitsangana**

**A.** Firaisam-pianakaviana, fifankatiavana **B.** Aroso – Firinga (Miv) **D.** Nanavy **E.** Hehy (Miv) – Anaty rano **F.** Mampitovy ny korana sy fiderana – Jamoka **G.** Maharitra – Mitempo – Hery sy tanjaka (BR) **H.** Natoky – Maina tsy misy rano **I.** Anio **J.** Hatsiaka – Faran-teny **K.** Biby

## Valiny Teny mifanaraka 0253

***Mitsivalana***

1 Marenina 2. Inona ? - Valy (Miv) 3. Ta - Indrisy 4. Anarana 5. Nanao - Anay (Miv) 6. Amy - Vy - If 7. Kianja 8. Eny (Miv) - Naoty 9. Aoka - Naot(y) 10. Fy - Laona

***Mitsangana***

A. Mitomany B. Ana - Ma (Miv) - Nay D. Ro - Anikeo E. Enina - Ka F. Nanaovana G. DR - Ina H. Niray - Jona I. Alina - Atao J. Asany - (T)ion(a) K. Ivy - Afo - Ta




# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fitsidihan'ny kandidà N°25, Marc Ravalomanana, tany Toliara.







